

# Diary fandalinana

"Ny fahalalana voarakitra tsara dia fahalalana azo ampiasaina amin'ny fotoana ilana azy. Ny fampahalalana ara-panahy izay tsiambaratelo dia tokony hotehirizina any amin'ny toerana masina iray izay manambara amin'ny Tompo hoe hatraiza no ankamamianao izany. Izany fomba izany dia mampitombo ny mety hahazoanao hazavana bebe kokoa."

Richard G. Scott, "Acquiring Spiritual Knowledge," *Ensign,* Nov. 1993, 88

# NY FIANAKAVIANA

## FANAMBARANA HO AN'IZAO TONTOLO IZAO

### Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Apôstôly Roambinifolo ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

IZAHAY, FIADIDIANA VOALOHANY sy ny Filankevitry ny Apôstôly Roambinifolo ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia manambara amim-boninahitra fa ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray dia tendrin'Andriamanitra ary ny fianakaviana dia fototry ny drafitry ny Mpahary ho an'ny anjara mandrakizain'ny zanany.

NY OLOMBELONA REHETRA—ny lahy sy ny vavy—dia nohariana araka ny endrik'Andriamanitra. Ny tsirairay dia fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra, ary araka izany, ny tsirairay dia samy manana toetra sy anjara araka an'Andriamanitra. Ny maha-lahy na maha-vavy dia toetra fototra iray mamaritra ny maha-izy azy ny olona tsirairay sy ny tanjony tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, sy amin'izao fiainana an-tany izao, ary any amin'ny mandrakizay.

TANY AMIN'NY FANJAKANA TALOHAN'NY NAHATERAHANA, ireo fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy dia nahafantatra sy nanompo an'Andriamanitra tahaka ny Rainy mandrakizay ary nanaiky ny drafiny izay ahafahan'ireo zanany hahazo vatana sy hahazo traikefa etỳ ambonin'ny tany mba handrosoany mankany amin'ny fahatanterahana ary hahatratrarany any amin'ny farany ny anjarany tahakan'Andriamanitra amin'ny maha mpandova ny fiainana mandrakizay azy. Ny drafitra masin'ny fahasambarana no ahafahan'ny fifandraisana eo amin'ny fianakaviana haharitra mandrakizay any ankoatry ny fasana. Ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana masina misy any amin'ny tempoly masina no ahafahan'ny tsirairay hiverina eo anatrehan'Andriamanitra sy ahafahan'ny fianakaviana ho iray mandrakizay.

NY DIDY VOALOHANY izay nomen'Andriamanitra an'i Adama sy i Eva dia momba izay mety haha-ray aman-dreny azy amin'ny mahampivady azy. Ambaranay fa ny didin'Andriamanitra ho an'ny zanany mba hitombo ka hameno ny tany dia mbola manan-kery. Ambaranay ihany koa fa Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin'ny fananahana.

AMBARANAY FA ny fomba namoronana ny fiainana an-tany dia tendrin'Andriamanitra. Hizingizininay ny fahamasinan'ny fiainana sy ny maha-zava-dehibe izany eo amin'ny drafitra mandrakizay an'Andriamanitra.

NY MPIVADY dia manana andraikitra feno voninahitra mba hifankatia sy hifampikarakara ary hanao toy izany koa amin'ny zanany. "Lova avy amin'i Jehovah ny zanaka maro" (Salamo 127:3). Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny ny hitaiza ireo zanany amimpitiavana sy amim-pahamarinana, ny hanome izay filàna ara-batana sy ara-panahin'izy ireo, ary ny hampianatra azy mba hifankatia sy hifanompo, sy hitandrina ny didin'Andriamanitra ary ho olompirenena vanona na aiza na aiza hitoerany. Ny mpivady—ireo reny sy ireo ray—dia raisina ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fanatanterahana izany adidy izany.

NY FIANAKAVIANA dia tendrin'Andriamanitra. Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia tena ilaina eo amin'ny drafitra mandrakizainy. Natao ho teraka ao anatin'ny fanambadiana ny ankizy, ary hotezain'ny ray sy ny reny izay manaja ny voady nataony tamin'ny fanambadiana amim-pahatokiana tanteraka. Ny fahasambarana ao amin'ny fiainam-pianakaviana dia azo tratrarina kokoa raha miorina amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy Tompo. Ny fanambadiana sy ny fianakaviana mahomby dia aorina sy voatahiry araka ny fitsipiky ny finoana, ny vavaka, ny fibebahana, ny famelan-keloka, ny fanajana, ny fitiavana, ny fiantrana, ny asa, ary ny fialam-boly mahasoa ny tena sy ny fanahy. Araka ny drafitr'Andriamanitra, ny ray no tokony hitarika ny fianakaviany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana ary tompon'andraikitra amin'ny fanomezana izay ilaina eo amin'ny fiainana sy ny fiarovana ny fianakaviany. Ny reny dia tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny fitaizana ny zanany. Manoloana izany andraikitra masina izany, ny ray sy ny reny dia tsy maintsy mifanampy amin'ny mahampiara-miasa mitovy lenta azy ireo. Ny kilema, ny fahafatesana, na ny toe-javatra hafa dia mety ilàna fifandaminana hafa. Ireo havana dia tokony hanome fanampiana raha ilaina.

MAMPITANDRINA IZAHAY fa ireo izay mandika ny fanekempihavanan'ny fahadiovam-pitondrantena, ireo izay mamono ny vadiny sy ny taranany, na ireo izay tsy mahatanteraka ny andraikiny ao amin' ny fianakaviana dia hijoro ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra indray andro any. Ankoatr'izany, dia mampitandrina koa izahay fa ny faharavan'ny fianakaviana dia hitondra eo amin'ny tsirairay, eo amin'ny fiaraha-monina, ary eo amin'ny firenena ireo loza izay efa nambaran'ireo mpaminany teo aloha sy ankehitriny.

MANAINGA ireo olom-pirenena rehetra mahatsiaro ny adidiny sy ireo olona ao amin'ny fitondram-panjakana na aiza na aiza misy azy izahay mba hampandroso ireo fepetra natao hiarovana sy hanamafisana orina ny fianakaviana amin'ny maha-rafitra fototra azy eo amin'ny fiaraha-monina.

*Ity fanambarana ity dia novakian'ny Filoha Gordon B. Hinckley ho anisan'ny hafatra tamin'ny fivoriamben'ny Fikambanana Ifanampiana izay natao tamin'ny 23 Septambra 1995, tany Salt Lake City, Utah.*

# ILAY KRISTY VELONA

## Tenivavolombelon' ny Apôstôly

### Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy Ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany

Ho fankalazantsika ny fahatsiarovana ny nahaterahan' i Jesoa Kristy roa arivo taona lasa izay, dia manolotra ny tenivavolombelonay izahay ny amin' ny fisian' ny fiainany tsy manam-paharoa sy ny zava-tsoa tsy misy fetran' ny sorompanavotany lehibe. Tsy nisy olona hafa nanana akony teo amin' ireo rehetra efa niaina sy ireo mbola hiaina eto an-tany.

Izy ilay Jehovah lehibe ao amin' ny Testamenta Taloha, ilay Mesia ao amin' ny Testementa Vaovao. Izy no Mpamorona ny tany teo ambany fitarihan' ny Rainy, "Izy no nahariana ny zavatra rehetra, ary raha tsy Izy, dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza" (Jaona 1:3). Na dia tsy nanam-pahotana aza Izy dia natao batisa mba hahatanteraka ny fahamarinana rehetra. "Nandehandeha nanao soa" Izy (Asan' ny apôstôly 10:38) nefa dia natao tsinontsinona noho izany. Ny filazantsarany dia hafatra mitory fiadanana sy hatsaram-panahy. Niantso ny olon-drehetra Izy mba hanaraka ny ohatra nomeny. Nandeha tamin' ny lalamben' i Palestina Izy, nanasitrana ny marary, nampahiratra ny jamba, ary nampitsangana ny maty. Nampianatra ny fahamarinan' ny mandrakizay Izy, ny fisian' ny fiainantsika talohan' izao fiainana izao, ny tanjon' ny fiainantsika eto an-tany, ary ny zavatra afaka tanterahinan' ireo zanaka lahy sy zanaka vavin' Andriamanitra amin' ny fiainana ho avy.

Nanao ny fandraisana ny Fanasan' ny Tompo Izy ho fahatsiarovana ny sorompanavotany lehibe. Nosamborina Izy ary nohelohina tamin' ny fiampangana tsy marina, nohelohina mba hahafaly ireo fokonolona, ary nohelohina ho faty teo ambony hazo fijaliana tany Kalvary. Natolony ny ainy mba ho sorona noho ny fahotan' ny zanak' olombelona rehetra. Fanomezana lehibe no nataony ho an' izay rehetra niaina na mbola hiaina eto an-tany.

Mijoro ho vavolombelona amim-panajana izahay, fa ny fiainany, izay ivon' ny tantaran' ny olombelona rehetra, dia sady tsy nanomboka tao Betlehema no tsy nifarana tao Kalvary. Izy no Voalohan-teraky ny Ray, ilay Zanakalahy tokana tao amin' ny nofo, ilay Mpamonjy izao tontolo izao.

Nitsangana tamin' ny maty Izy mba "ho santatr' izay efa nodimandry" (1Korintianina 15:20). Amin' ny maha-Tompo efa nintsangana tamin' ny maty Azy, dia namangy ireo olon-tiany teo amin' ny fiainany Izy. Nanompo sy niasa tany amin' ireo "ondriny very" (Jaona 10:16) tany Amerika taloha koa Izy. Tao amin' izao tontolo iainantsika izao, dia niseho tamin' ilay zazalahy atao hoe Joseph Smith Izy sy ny Rainy, mba hampiditra amin' ilay "andro voatendry hanangonana ny zavatra rehetra" (Efesiana 1:10) efa nampanantenaina hatramin' ny ela.

Toy izao no nanoratan' ny mpaminany Joseph mikasika ilay Kristy Velona: "Ny masony tahaka ny lelafo, ny volon-dohany fotsy tahaka ny oram-panala, ny tarehiny mamirapiratra mihoatra noho ny famiratry ny masoandro; ary ny feony dia tahaka ny firohondrohon' ny rano be, dia ny feon' i Jehovah milaza hoe:

"Izaho no Voalohany sy Farany; Izaho no ilay velona, Izaho ilay novonoina; Izaho no solo vava anareo eo anatrehan' ny Ray" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:3-4).


Toy izao ihany koa no nambaran' ny mpaminany momba Azy: "Ary ankehitriny, ankoatr' ireo fijoroana ho vavolombelona marobe momba Azy, izay efa nomena, dia izao no fijoroana ho vavolombelona farany indrindra, momba Azy, izay atolotray: Fa velona Izy! "Satria hitanay teo an-tanan-kavanan' Andriamanitra Izy; ary henonay ilay feo mijoro ho vavolombelona fa Izy ilay Zanakalahy tokan' ny Ray". "Ary amin' ny alalany sy avy Aminy ary ao Aminy no nahariana izao tontolo izao, ary ny mponina ao dia zanaka lahy sy vavin' Andriamanitra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:22–24).

Ambaranay amim-panajana fa ny Fisoronany sy ny Fiangonany dia naorina indray eto ambonin' ny tany– "natsangana teo amin' ny fanorenan' ny apôstôly sy ny mpaminany, Jesoa Kristy no fehizoro indrindra" (Efesianina 2:20).

Mijoro ho vavolombelona izahay fa mbola hiverina eto an-tany Izy indray andro any. "Dia hiseho ny voninahitr' i Jehovah ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany" (Isaia 40:5). Hanapaka amin' ny maha-Mpanjakan' ny mpanjaka sy hanjaka amin' ny maha-Tompon' ny tompo Azy Izy, ary handohalika ny lohalika rehetra ary ny lela rehetra hidera Azy. Isika tsirairay dia mbola hijoro hotsaraina eo anatrehany araka ny asa sy ny fanirian' ny fontsika.


Mijoro ho vavolombelona izahay, amin' ny maha-apôstôly voatedriny anay–Fa Jesoa no ilay Kristy Velona, ilay Zanakalahin' Andriamanitra tsy mety maty intsony. Izy ilay Mpanjaka lehibe Emanoela izay mijoro eo an-tanan-kavanan' Andriamanitra Rainy ankehitriny, Izy no fahazavana, fiainana ary fanantenan' izao tontolo izao. Ny fampianarany no lalana mitondra mankany amin' ny fiadanana eo amin' izao fiainana izao sy mankany amin' ny fiainana mandrakizay amin' ny fiainana ho avy. Isaorana anie Andriamanitra noho ny fanomezany tsy manam-paharoa ny Zanany.


NY FIADIDINA VOALOHANY



1 Janoary 2000

NY KÔLEJIN' NY ROAMBINIFOLOLAHY





# NY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY NY FAHAFENOAN'NY FILAZANTSARAN'I JESOA KRISTY

## FANAMBARANA HO AN'IZAO TONTOLO IZAO NANDRITRA NY FANKALAZANA NY FAHA-ROANJATO TAONA

### Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Apôstôly Roambinifolo ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

Izahay dia manambara amin'ny fomba manetriketrika fa Andriamanitra dia tia ny zanany any amin'ny firenena rehetra manerana izao tontolo izao. Nomen' Andriamanitra Ray antsika ny fahaterahana masina, sy ny fiainana tsy manam-paharoa, ary ny sorona fanavotana tsy misy fetran' ny Zanaka Malalany, dia i Jesoa Kristy. Tamin'ny alalan'ny herin'ny Ray no nitsanganan'i Jesoa indray ka nahazoany fandresena tamin'ny fahafatesana. Izy no Mpamonjy antsika, sy Ohatra arahintsika, ary Mpanavotra antsika.

Roanjato taona lasa izay, indray maraina mahafinaritra tamin'ny lohataona 1820, raha nikatsaka ny hahafantatra izay fiangonana hidirana ho mpikambana ny zatovolahy Joseph Smith, dia nandeha tany an'ala izy mba hivavaka, akaikin'ny fonenany, tsy lavitry ny tanàn-dehiben'i New York Etazonia. Nanana fanontaniana izy mikasika ny famonjena ny fanahiny ka natoky fa hitarika azy Andriamanitra.

Amim-panetrentena no hanambaranay fa ho valin'ny vavaka nataony, dia niseho tamin'i Joseph Andriamanitra Ray sy ny Zanakalahiny, Jesoa Kristy, ka nanokatra ilay "fampodiana ny zava-drehetra" (Asan'ny Apostoly 3:21) araka ny voambara mialoha tao amin'ny Baiboly. Nianatra izy tao amin'io fahitana io fa taorian'ny nahafatesan'ireo Apôstôly voalohany dia tsy hita teto an-tany intsony ny Fiangonan'i Kristy tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao. I Joseph no ho fitaovana amin'ny famerenana izany.

Ambaranay fa teo ambany fitarihan'ny Ray sy ny Zanaka dia nisy iraka maro avy any an-danitra tonga hanome toromarika an'i Joseph sy hamerina hanorina indray ny Fiangonan'i Jesoa Kristy. Namerina tamin'ny laoniny ny fahefana hanaovana batisa asitrika ho famelana ny fahotana i Jaona Mpanao Batisa efa nitsangana tamin'ny maty. Namerina tamin'ny laoniny ny andraikitry ny apôstôly sy ireo fanalahidin'ny fahefan'ny fisoronana ny telo tamin'ireo Apôstôly Roambinifolo voalohany, dia i Petera, sy i Jakôba, ary i Jaona. Nisy hafa tonga ihany koa, anisan'izany i Elia, izay namerina tamin'ny laoniny ny fahefana hampitambarana mandrakizay ny fianakaviana ao anatin'ny fifandraisana maharitra mandrakizay izay manan-kery any ankoatry ny fahafatesana.

Mbola hijoroanay ho vavolombelona ihany koa fa nomena an'i Joseph Smith ny fanomezam-pahasoavana sy herin' Andriamanitra handikana rakitsoratra iray fahiny: ny Bokin'i Môrmôna—Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy. Ny pejy sasany ao amin'io lahatsoratra masina io dia ahitana tantaran'ny asa fanompoana manokana nataon'i Jesoa Kristy teo anivon'ny vahoaka tany amin'ny Ilabolantany Andrefana tsy ela akory taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty. Izy io dia mampianatra ny tanjon'ny fiainana sy manazava ny fotopampianaran'i Kristy, izay ivon'io tanjona io. Amin'ny maha-soratra masina mpiaradia amin'ny Baiboly azy, ny Bokin'i Môrmôna dia mijoro ho vavolombelona fa ny olombelona rehetra dia zanakalahy sy zanakavavin'ny Ray any An-danitra be fitiavana, fa manana drafitra masina Izy ho an'ny fiainantsika, ary ny Zanakalahiny, Jesoa Kristy, dia miteny ankehitriny tsy misy hafa amin'ny tamin'ny andro fahiny.

Ambaranay fa Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, naorina tamin'ny 6 aprily 1830, no Fiangonan'i Kristy tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao, izay naverina tamin'ny laoniny. Ity Fiangonana ity dia mifototra lalina amin'ny fiainana tonga lafatr'ilay fehizorony indrindra, dia i Jesoa Kristy, sy ny Sorompanavotany tsy manam-petra ary ny Fitsanganany tamin'ny maty ara-bakiteny. Niantso Apôstôly indray i Jesoa Kristy ary nanome azy ireo ny fahefan'ny fisoronana. Manasa antsika rehetra Izy hanatona Azy sy ny Fiangonany, handray ny Fanahy Masina, sy ireo ôrdônansin'ny famonjena, ary mba hahazo fifaliana maharitra.

Roanjato taona izay no lasana hatramin'ny nampanombohan' Andriamanitra Ray sy ny Zanaka Malalany, Jesoa Kristy, an'ity Famerenana amin'ny laoniny ity. Olona antapitrisa maro manerana izao tontolo izao no nanaiky ny fahalalana momba ireo tranga efa nambara mialoha ireo.

Ambaranay amim-piravoravoana fa mandroso amin'ny alalan'ny fanambarana mitohy ilay Famerenana amin'ny laoniny nampanantenaina. Tsy ho toy ny teo aloha intsony izao tontolo izao, rehefa hanohy "hanangona ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy" (Efesiana 1:10) Andriamanitra.

Amim-panajana lalina sy fankasitrahana, amin'ny maha-Apôstôliny anay no anasanay ny rehetra hahafantatra, tahaka ny ahafantaranay, fa misokatra ny lanitra. Ambaranay fa ampahafantarin' Andriamanitra ny sitrapony ho an'ireo zanakalahy sy zanakavavy malalany. Mijoro ho vavolombelona izahay fa ireo izay mandalina ombam-bavaka ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ka manao asa amim-pinoana dia ho voatahy hahazo fijoroana ho vavolombelona ho an'ny tenan'izy ireo manokana momba ny maha-avy amin' Andriamanitra azy io sy momba ny tanjon'izy io, dia ny manomana izao tontolo izao ho amin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjintsika fanindroany izay efa nampanantenaina."

*Ity fanambarana ity dia novakian'ny Filoha Russell M. Nelson ho anisan'ny hafatra nozarainy tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isan-taona faha-190, ny 5 aprily 2020, tao Salt Lake City, Utah.*



# Fampahafantarana ny fifehezana fotopampianarana

Nampianatra ireo zanakalahiny ny mpaminany Helamàna tao amin'ny Bokin'i Môrmôna hoe: "Eo amin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, no tsy maintsy anorenantsika ny fototsika" (Helamàna 5:12). Ny fanorenana fototra eo amin'i Jesoa Kristy—izay ahitana ny fahatakarana sy ny finoana ary ny fiainana araka ny fotopampianarany—dia hampiorim-paka ny fiovam-pontsika sy ny fanolorantenantsika amin'ny maha-mpianany antsika, sy hiaro antsika amin'ireo fitaoman'ny fahavalo, ary hanampy antsika hitahy ny fiainan'ny hafa.

Anisan'ireo fomba hanatontosantsika izany ny fiarahamandalina ny soratra masina misesy ao an-dakilasy. Ny fomba iray hafa hanorenantsika ny fototsika eo amin'i Jesoa Kristy sy ny fotopampianarany dia amin'ny alalan'ny ezaka iray antsoina hoe fifehezana fotopampianarana.

Mifototra amin'ny vokatra roa ny fifehezana fotopampianarana:

1. *Mianatra sy mampihatra ireo fitsipika avy amin' Andriamanitra mba hahazoana fahalalana ara-panahy.* Nanambara ireo fitsipika hahazoana fahalalana ara-panahy ny Ray any An-danitra. Ireo fitsipika ireo dia ahitana ny fanaovana asa amim-pinoana, sy ny famakafakana ireo hevi-dehibe sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay, ary ny fikatsahana fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra. Mitombo ny fifehezantsika fotopampianarana rehefa mampihatra ireo fitsipika ireo mandritra ny kilasy sy any ivelany ary mikatsaka valinteny ho an'ireo fanontaniana arapotopampianarana sy an'ny tena manokana, sy ara-piarahamonina ary ara-tantara, amin'ny fomba izay manasa ny Fanahy Masina hampatanjaka ny finoantsika ny Ray any An-danitra sy an'i Jesoa Kristy.

2. *Mahafehy ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana sy ireo fotopampianaran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izay ampianarin'izy ireo.* Izany vokatra izany dia ho tratra amin'ny alalan'ny:

    a. Fahafantarana ny fotopampianarana ampianarina ao amin'ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana.

    b. Fanazavana mazava tsara ny fotopampianarana amin'ny fampiasana ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana.

    c. Fahaizana mitadidy sy mahita ny andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ary mahatadidy ireo andian-teny fototra avy ao amin'ny soratra masina.

    d. Fampiharana ny fotopampianaran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ireo fitsipiky ny fahazoana fahalalana ara-panahy eo amin'ny safidy ataontsika isan'andro sy eo amin'ny fihetsika asetrintsika ireo olana sy fanontaniana arapotopampianarana sy an'ny tena manokana, sy ara-piarahamonina ary ara-tantara.



# Mahazo fahalalana ara-panahy

## Andriamanitra no loharanon'ny fahamarinana rehetra

1. Mahafantatra ny zavatra rehetra Andriamanitra ary loharanon'ny fahamarinana rehetra. Satria tia antsika ny Raintsika any An-danitra ary tiany isika hivoatra ho lasa toa Azy dia namporisika antsika Izy "hikatsaka ny fianarana amin'ny alalan'ny fandinihana ary koa amin'ny alalan'ny finoana" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:118). Eo am-pikatsahantsika ny fahamarinana dia afaka matoky Azy tanteraka isika sy miantehitra amin'ny fahendreny sy ny fitiavany ary ny heriny hahafahany mampianatra sy mitahy antsika. Nampanantena ny hanambara fahamarinana ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina Andriamanitra raha toa ka vonona hitady Azy amim-pahazotoana isika.

2. Mba hanampiana antsika dia nampianarin'ny Ray any An-danitra antsika ny fomba hahazoana fahalalana ara-panahy. Napetrany ireo fepetra tsy maintsy arahantsika mba hahazoana fahalalana toy izany. Ny lamina masina napetrak'Andriamanitra dia mitaky ny hananantsika faniriana amin-kitsimpo hahafantatra ny fahamarinana sy ny fahavononantsika hiaina amin'ny fomba mifanaraka amin'izay nambaran' Andriamanitra. Ny faniriana amim-kitsimpo ananantsika dia hitarika antsika hikatsaka fahamarinana amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fandalinana amim-pahazotoana ny tenin' Andriamanitra.

3. Mety hahita fampahalalana vaovao isika indraindray na hanana fanontaniana mikasika ny fotopampianarana na ny fomba fanao na ny tantaran'ny Fiangonana izay toa sarotra takarina.

Ampahany manan-danja amin'ny ezaka ataontsika hianarana fahamarinana ny fametrahana fanontaniana sy ny fitadiavana valim-panontaniana. Mety ho avy amin'ny fitaoman'ny Fanahy Masina ny sasany amin'ireo fanontaniana izay tonga ao an-tsaintsika ireo. Ireo fanontaniana avy amin'ny fitaomam-panahy dia tokony horaisina ho fanomezana avy amin' Andriamanitra izay manome fahafahana ho antsika hampitombo ny fahatakarantsika sy hampatanjaka ny fahatokiantsika fa vonona hampianatra antsika ny Tompo. Na inona na inona mety ho loharanon'ny fanontaniantsika dia nomena fahafahana isika hieritreritra sy hisaintsaina ary hahazo ny fitaoman'ny Tompo izay hanitatra ny saintsika ary hampivelatra ny fahatakarantsika. Ny toe-panahy sy ny finiavana entintsika hametrahana fanontaniana sy hikatsahana valim-panontaniana dia hisy fiantraikany lehibe eo amin'ny fahafahantsika mianatra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

4. Ireto fitsipika telo manaraka ireto dia afaka mitarika antsika rehefa mikatsaka ny hianatra sy hahatakatra fahamarinana mandrakizay isika ary hamaha fanontaniana na olana:

- Manao asa amim-pinoana.
- Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.
- Mikatsaha fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.

## Fitsipika 1: Manao asa amim-pinoana

5. Manao asa amim-pinoana isika rehefa misafidy ny hatoky an' Andriamanitra sy hitodika any Aminy voalohany indrindra amin'ny alalan'ny vavaka amin-kitsimpo sy ny fandalinana ireo fampianarany ary ny fankatoavana ireo didiny.

6. Rehefa mikatsaka ny hampitombo ny fahatakarantsika sy hamaha ireo olana isika dia zava-dehibe ny hianteherantsika amin'ny fijoroana ho vavolombelona izay efa ananantsika momba an'i Jesoa Kristy sy ny Famerenana amin'ny Laoniny ny filazantsarany ary ireo fampianaran'ireo mpaminany voatendriny. Nampianatra ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Rehefa tonga ireny fotoana ireny ka mitranga ny olana dia tsy ho tonga avy hatrany ny vahaolana, *mifikira amin'izay efa fantatrao ary matanjaha hatrany mandra-pahazoanao fahalalana fanampiny*" ("Tompo ô, Mino aho," *Liahona*, mey 2013, 94). Ny Tompo mihitsy no nanasa antsika "[hibanjina Azy] amin'ny eritreritra rehetra; tsy hiroanàhana, tsy hatahotra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36).

7. Mandritra ireo fotoana izay mety tsy hahitantsika avy hatrany ny valin'ireo fanontaniantsika dia hanampy ny mahatsiaro fa na dia nambaran'ny Ray any An-danitra aza ireo zavatra rehetra izay ilaina amin'ny famonjena antsika dia tsy mbola nanambara ny fahamarinana rehetra Izy. Rehefa manohy mikatsaka valim-panontaniana isika dia tsy maintsy miaina araka ny finoana: matoky fa ho azontsika ireo valim-panontaniana katsahintsika amin'ny farany. Rehefa mahatoky amin'ny fahamarinana sy ny fahazavana efa azontsika isika dia hahazo misimisy kokoa. Matetika ireo valin'ny fanontaniana sy vavaka ataontsika no tonga "andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, fitsipika anampy fitsipika" (2 Nefia 28:30).

## Fitsipika 2: Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay

8. Mba hamakafakana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ireo hevi-dehibe sy fanontaniana ary olana ara-piarahamonina mikasika ny fotopampianarana dia raisintsika amin'ny sahan-kevitry ny drafitry ny famonjena sy ireo fampianaran'ny Mpamonjy izy ireny. Mikatsaka ny fanampian'ny Fanahy Masina isika mba hahitana ireo zavatra amin'ny fomba hahitan'ny Tompo azy ireny. Izany no ahafahantsika mamerina mandrafitra ilay fanontaniana (hijerena ilay fanontaniana amin'ny fomba hafa) sy mandinika ireo hevitra mifototra amin'ny fenitry ny fahamarinan'ny Tompo toy izay hanaiky ny fihevitr'izao tontolo izao. Afaka manao izany isika amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana toy ny hoe "Inona no zavatra efa fantatro momba ny Ray any An-danitra sy ny drafiny ary ny fomba hifandraisany amin'ireo zanany?" sy ny hoe "Inona avy ireo fampianaran'ny filazantsara izay mifandray amin'io foto-kevitra na olana io na manazava azy io?"

9. Na ireo fanontaniana izay mifandray amin'ireo zava-nitranga ara-tantara aza dia mety ilaina fakafakaina amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay. Afaka mahita ireo olana ireo amin'ny fomba mazava kokoa isika rehefa miorim-paka amin'ny fahatokisantsika ny Raintsika any An-danitra sy ny drafitry ny famonjeny. Mety hanampy ihany koa ny mamakafaka ireo fanontaniana ara-tantara ao anatin'ilay sahan-kevitra ara-tantara tokony ho izy amin'ny alalan'ny fieritreretana ny kolontsaina sy ny fenitra nisy tamin'ny fotoan'andro nitrangany toy izay manery hampanjaka ny fomba fijery sy ny fitondrantena ankehitriny.

10. Zava-dehibe ny mahatsiaro fa tsy mitondra ny hery manavotry ny ôrdônansy sy ny fanekempihavanana ary ny fotopampianarana ireo antsipirian-javatra ara-tantara. Ny hoe variana amin'ny antsipirian-javatra tsy dia manan-danja loatra ka tsy mahita ireo fahagagana mitranga amin'ny Famerenana amin'ny laoniny dia toy ny mandany fotoana amin'ny famakafakana boaty iray namonosana fanomezana ka tsy miraharaha ny hatsaran'ilay tena fanomezana.

## Fitsipika 3: Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra

11. Anisan'ny dingana nofidin'ny Tompo mba hahazoana fahalalana ara-panahy ny nametrahany loharano izay hanambarany fahamarinana sy fitarihana ho an'ny zanany. Ireo loharanom-pahalalana ireo dia ahitana ny fahazavan'i Kristy, ny Fanahy Masina, ny soratra masina, ny ray aman-dreny ary ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana. Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo—ireo mpaminanin'ny Tompo eto ambonin'ny tany amin'izao fotoana izao—dia loharanom-pahamarinana tena iankinan'ny aina. Nisafidy sy nanendry ireo olona ireo mba hiresaka eo amin'ny toerany ny Tompo.

12. Afaka mianatra fahamarinana amin'ny alalan'ny loharanom-pahalalana azo itokisana ihany koa isika. Na izany aza dia tokony ho mailo amin'ireo loharanom-pahalalana tsy azo itokisana ireo mpikatsaka marina ny fahamarinana. Isika dia miaina amin'ny fotoana izay maro no "hiantso ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy" (Isaia 5:20). I Satana no rain'ny lainga ary mikatsaka ny hanova ny fahamarinana izy sy handresy lahatra antsika hitodi-damosina amin'ny Tompo sy ireo mpanompony. Afaka miaro antsika amin'ny fampahalalana diso sy amin'ireo izay mikatsaka ny hamotika ny finoana ny fianarana mamantatra ireo loharano tsy azo itokisana sy miala amin'izany. Rehefa mikatsaka fanampiana avy amin'ny Fanahy Masina isika ka mitodika amin'ireo loharanom-pahalalana notendren'ny Tompo hahazoana valim-panontaniana sy fitarihana, dia afaka manavaka ny fahamarinana amin'ny fahadisoana. Afaka matoky ny fampanantenan'ny Tompo isika izay manao hoe: "Amin'ny herin'ny Fanahy Masina dia azonareo fantarina ny fahamarinan'ny zava-drehetra" (Môrônia 10:5).

## Manampy ny hafa hahazo fahalalana ara-panahy

13. Rehefa manatona antsika mba hametraka fanontaniana na hianatra ny fotopampianarana, na ny fombafomba, na ny tantaran'ny Fiangonana ny hafa dia ahoana no ahafahantsika manampy azy ireo amin'ny fomba tsara indrindra amin'ny fitadiavan'izy ireo ny fahamarinana? Ireto manaraka ireto dia isan'ireo fomba ahafahantsika manampy azy ireo:

14. *Mihaino tsara sy ombam-bavaka.* Mihainoa tsara mialoha ny hamalianao, ka katsaho ny hanazava sy hahatakatra ireo fanontaniana izay tena apetrak'izy ireo. Katsaho amim-pieritreretana ny hahatakatra ny tena tanjon'ny fanontanian'izy ireo sy ny fahatsapana ananany ary ny finoany. Mivavaha mba hahazo fitarihana mikasika ny fomba ahafahanao manampy tsara ireo izay manam-panontaniana.

15. *Mampianatra sy mijoro ho vavolombelona momba ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara.* Mizarà fampianarana azo ampiharina avy ao amin'ny soratra masina sy avy amin'ireo mpaminany maoderina sy ny fomba nitondran'izy ireny fiovana teo amin'ny fiainanao. Ampio ireo izay iresahanao hamakafaka ny fanontanian'izy ireo na hanova ny firafitr'izany hifanaraka amin'ny sahan-kevitry ny filazantsara sy ny drafitry ny famonjena.

16. *Manasa azy ireo hanao asa amim-pinoana.* Tsarovy fa ny Tompo dia mitaky antsika hikatsaka fahalalana ara-panahy ho an'ny tenantsika. Noho izany isika dia tsy maintsy manasa ny hafa hanao asa amim-pinoana amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fankatoavana ireo didy ary ny fandalinana amim-pahazotoana ny tenin' Andriamanitra, ka hampiasa ireo loharanom-pahalalana voatendrin' Andriamanitra, indrindra fa ny Bokin'i Môrmôna. Raha azo atao dia asao izy ireo hitadidy zavatra mety niainan'izy ireo ka nahatsapany ny Fanahy Masina, ary hifikitra amin'ireo fahamarinana maharitra mandrakizay izay efa nianaran'izy ireo mandra-pahatongan'ny fahalalana fanampiny.

17. *Manara-maso.* Manolora tena hitady valinteny, ary manaova fanaraha-maso amin'ny alalan'ny fizarana ny zavatra nianaranao. Azonareo atao ihany koa ny miara-mitady ireo valim-panontaniana. Manehoa fahatokiana an'ilay fampanantenan'ny Tompo hoe hanome fanambarana ho an'ny tena manokana.

# Andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana sy ireo andian-teny fototra avy ao amin'ny soratra masina

## Testamenta Taloha

**Mosesy 1:39:** "Izao no asako sy voninahitro—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona."

**Mosesy 7:18:** "Ny Tompo dia niantso ny vahoakany hoe Ziona, satria izy ireo dia iray fo sy iray saina."

**Abrahama 2:9–10:** Nampanantena an'i Abrahama ny Tompo fa ny taranany no "[hitondra] ity asa fanompoana ity sy ny Fisoronana ho any amin'ny firenen-drehetra."

**Abrahama 3:22–23:** Fony isika mbola fanahy dia "nalamina talohan'ny nisian'izao tontolo izao."

**Genesisy 1:26–27:** "Nahary ny olona araka ny endriny Andriamanitra."

**Genesisy 2:24:** "Koa ny lehilahy dia . . . hikambana amin'ny vadiny; ary ho nofo iray ihany izy ireo."

**Genesisy 39:9:** "Koa hataoko ahoana no hanao izany ratsy lehibe izany ka hanota amin' Andriamanitra?"

**Eksodosy 20:3–17:** Ny didy folo

**Josoa 24:15:** "Fidionareo anio izay hotompoinareo."

**Salamo 24:3–4:** "Iza no hitoetra ao amin'ny fitoerany masina? Izay madio tanana sy mahitsy fo."

**Ohabolana 3:5–6:** "Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra . . . fa Izy handamina ny lalanao."

**Isaia 1:18:** "Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy tahaka ny oram-panala."

**Isaia 5:20:** "Lozan'izay milaza ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy."

**Isaia 29:13–14:** "Asa iray mahagaga sy mahatalanjona" ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara.

**Isaia 53:3–5:** "Nitondra marina tokoa ny fahoriantsika [i Jesoa Kristy] ary nivesatra ny alahelontsika."

**Isaia 58:6–7:** Ireo fitahiana azo avy amin'ny fifadian-kanina araka ny tokony ho izy

**Isaia 58:13–14:** "Miaro ny tongotrao . . . tsy manao izay tianao amin'ny androko masina; ary manao ny Sabata hoe Fahafinaretana."

**Jeremia 1:4–5:** "Hatry ny fony hianao tsy mbola noforoniko tany an-kibo no efa . . . notendreko ho mpaminany ho an'ny firenena."

**Ezekiela 3:16–17:** Ny mpaminany dia "mpitily ho an'ny mpianakavin'i Isiraely."

**Ezekiela 37:15–17:** Ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna "dia ho iray eny an-tananao."

**Daniela 2:44–45:** Andriamanitra dia "hanorina fanjakana, izay tsy ho rava na oviana na oviana."

**Amosa 3:7:** "Jehovah Tompo, [dia]. . . milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony."

**Malakia 3:8–10:** Ireo fitahiana avy amin'ny fandoavana fahafolonkarena

**Malakia 3:23–24:** I Elia dia "hampody . . . ny fon'ny zanaka ho amin'ny rainy."

## Testamenta Vaovao

**Matio 5:14–16:** "Aoka hazava eo imason'ny olona ny fahazavanareo."

**Matio 11:28–30:** "Mankanesa aty Amiko hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana fa Izaho no hanome anareo fitsaharana."

**Matio 16:15–19:** Hoy Jesoa: "Homeko anao ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra."

**Matio 22:36–39:** "Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao. . . . Tiava ny namanao."

**Lioka 2:10–12:** "Fa Mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tanànan'i Davida, dia Kristy Tompo."

**Lioka 22:19–20:** Nandidy i Jesoa Kristy ny handraisana ny fandraisana ny Fanasan'ny Tompo "ho fahatsiarovana ahy."

**Lioka 24:36–39:** "Fa ny matoatoa tsy mba manana nofo sy taolana, tahaka izao ahitanareo Ahy izao."

**Jaona 3:5:** "Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra."

**Jaona 3:16:** "Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zananilahy Tokana."

**Jaona 7:17:** "Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin'ny fampianarana izy."

**Jaona 17:3:** "Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy."

**1 Korintiana 6:19–20:** "Tempolin'ny Fanahy Masina ny vatanao."

**1 Korintiana 11:11:** "Kanefa ao amin'ny Tompo tsy misy vehivavy raha tsy misy lehilahy, ary tsy misy lehilahy raha tsy misy vehivavy."

**1 Korintiana 15:20–22:** "Fa tahaka ny ahafatesan'ny olona rehetra ao amin'i Adama no ahaveloman'ny olona rehetra kosa ao amin'i Kristy."

**1 Korintiana 15:40–42:** Amin'ny Fitsanganana amin'ny maty, dia misy ambaratongam-boninahitra telo.

**Efesiana 1:10:** "[Amin'ny fotoampitantanan'ny fahafenoam-pahasoavana], hanangonany indray ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy."

**Efesiana 2:19–20:** Ny Fiangonana dia "natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny Apôstôly sy ny mpaminany, ary Kristy Jesosy no fehizoro indrindra."

**2 Tesaloniana 2:1–3:** "Tsy ho avy ny Fiavian'i Kristy . . . raha tsy efa tonga aloha ny fihemorana."

**2 Timoty 3:15–17:** "Ny soratra masina . . . izay mampahendry anareo ho amin'ny famonjena."

**Hebreo 12:9:** Ny Ray any An-danitra dia "Rain'ny fanahintsika."

**Jakoba 1:5–6:** "Ary raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra."

**Jakoba 2:17–18:** "Ny finoana, raha tsy misy asa, dia maty mihitsy."

**1 Petera 4:6:** "Fa noho izao no nitoriana ny filazantsara tamin'ireo izay maty."

**Apokalypsy 20:12:** "Ary ny maty dia notsaraina . . . araka ny asany."

## Bokin'i Môrmôna

**1 Nefia 3:7:** "Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo."

**2 Nefia 2:25:** "Lavo i Adama mba hisian'ny olona; ary misy ny olona mba hahazo fifaliana."

**2 Nefia 2:27:** "Afaka isika na hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay . . . na hifidy ny fahababoana sy ny fahafatesana."

**2 Nefia 26:33:** "Mitovy daholo isika rehetra amin' Andriamanitra."

**2 Nefia 28:30:** Andriamanitra dia "hanome ny zanak'olombelona andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, ary fitsipika anampy fitsipika."

**2 Nefia 32:3:** "Mivokisa amin'ny tenin'i Kristy; fa indro hilaza aminareo ny zava-drehetra tokony hataonareo ny tenin'i Kristy."

**2 Nefia 26:8–9:** "Tsy maintsy mivavaka mandrakariva ianao."

**Môsià 2:17:** "Rehefa eo amin'ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamanitrareo ianareo."

**Môzià 2:41:** "Ireo izay mitandrina ny didin' Andriamanitra . . . dia tahiana amin'ny zava-drehetra."

**Môzià 3:19:** "[Esory] ny maha-olona araka ny nofo [anao ary tongava] olomasina amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy Tompo."

**Môzià 4:9:** "Minoa an' Andriamanitra . . . minoa fa Izy dia manana ny fahendrena rehetra."

**Môzià 18:8–10:** Aoka hatao "batisa . . . amin'ny anaran'ny Tompo ho vavolombelona . . . fa efa nanao fanekempihavanana taminy ianareo."

**Almà 7:11–13:** "Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany."

**Almà 34:9–10:** "Tsy maintsy misy sorompanavotana atao, . . . sorona tsisy fetra sady mandrakizay."

**Almà 39:9:** "Aza mandeha intsony araka ny fitsiriritan'ny masonao."

**Almà 41:10:** "Ny faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana."

**Helamàna 5:12:** "Eo amin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo."

**3 Nefia 11:10–11:** "Efa niaretako ny sitrapon'ny Ray tamin'ny zava-drehetra tany am-piandohana."

**3 Nefia 12:48:** "Aoka ho tanteraka tahaka Ahy, na ho tanteraka tahaka ny Rainareo izay any an-danitra."

**3 Nefia 27:20:** "Mankanesa atỳ amiko ary aoka hatao batisa . . . mba hahazoana manamasina anareo amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina."

**Etera 12:6:** "Tsy mandray fijoroana ho vavolombelona ianareo raha tsy aorian'ny fizahan-toetra ny finoanareo."

**Etera 12:27:** "Raha manatona Ahy ny olona, . . . amin'izany, ny zavatra malemy dia hataoko tonga matanjaka ho azy."

**Môrônia 7:45–48:** "Ny fiantrana dia ny fitiavana madion'i Kristy."

**Môrônia 10: 4–5:** "Manontany amin-kintsimpo, omban'ny tena finiavana, sady manam-pinoana an' i Kristy . . . [ary] amin'ny herin'ny Fanahy Masina dia azonareo fantarina ny fahamarinan'ny zava-drehetra."

## Fotopampianarana sy Fanekempihavanana sy ny Tantaran'ny Fiangonana

**Joseph Smith—Tantara 1:15–20:** I Joseph Smith "dia nahita Olona roa, izay mihoatra ny famaritana rehetra ny famirapiratany sy ny voninahiny."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:30:** "Ilay hany Fiangonana velona sady marina."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:37–38:** "Na amin'ny alalan'ny feoko, na amin'ny alalan'ny feon'ny mpanompoko, dia iray ihany izany."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36:** "Banjino Aho amin'ny eritreritra rehetra; aza miroanàhana, aza matahotra."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:2–3:** "Hiteny anao ao an-tsainao sy ao am-ponao Aho, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13:1:** Ny Fisoronana Aharôna no "mihazona ny fanalahidin'ny fanompoan'ny anjely sy ny an'ny filazantsaran'ny fibebahana ary ny batisa."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10–11:** "Lehibe ny hasarobidin'ny olona eo imason' Andriamanitra."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:15–16:** "Akory ny ho halehiben'ny fifalianareo raha mitondra fanahy maro ho Ahy!"

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–19:** "Izaho, [Jesoa Kristy], dia efa nijaly tamin'ireo zavatra rehetra ireo ho an'ny rehetra."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:4–6:** "Fa ny tenin['ny mpaminany] dia horaisinareo toa ireny avy amin'ny vavako ireny"

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:10–11:** "Fa haneho ny tenako avy any an-danitra amin'ny hery sy ny voninahi-dehibe Aho . . . ka hitoetra amim-pahamarinana miaraka amin'ny olona eto an-tany arivo taona."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49:15–17:** "Voatendrin' Andriamanitra ny Fanambadiana."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42–43:** "Izay efa nibebaka tamin'ny fahotany, dia izy no voavela."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:9–11:** "Fa takiana aminareo kosa ny hamela ny olon-drehetra."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:22–24:** "Tamin'ny alalan['i Jesoa Kristy] no ary sy nahariana ireo tontolo."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:10:** "Izaho Tompo dia voafatotra rehefa ataonareo izay lazaiko."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20–22:** "Koa miharihary ao amin'ny ôrdônansiny ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:118:** "Katsahonareo ny fianarana amin'ny alalan'ny fandinihana ary koa amin'ny alalan'ny finoana."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:18–21:** Ireo fitahiana avy amin'ny Tenin'ny Fahendrena

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:8:** "Mihazona ny zo . . . ary manan-kery sy fahefana hitantana ny zavatra ara-panahy [ny Fisoronana Melkizedeka.]"

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:36, 41–42:** "Ireo zon'ny fisoronana . . . dia tsy azo fehezina na ampiasaina raha tsy araka ireo fitsipiky ny fahamarinana."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22–23:** "Ny Ray dia manana vatana nofo sy taolana . . .ny Zanaka koa; fa ny Fanahy Masina . . . dia vatana Fanahy."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1–4:** "Ny fanekempihavanana vaovao sy mandrakizain'ny fanambadiana."

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135:3:** "Namoaka ny Bokin'i Môrmôna [i Joseph Smith], izay nadikany araka ny fanomezam-pahasoavana sy ny herin' Andriamanitra."

## Rindran-damina famakiana soratra masina isan’andro

| Jan | Feb | Mar | Apr | Mey | Jona | Jolay | Aog | Sept | Ôkt | Nôv | Des |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 |
| 2 | 2 | 2 | 2 | 2 | 2 | 2 | 2 | 2 | 2 | 2 | 2 |
| 3 | 3 | 3 | 3 | 3 | 3 | 3 | 3 | 3 | 3 | 3 | 3 |
| 4 | 4 | 4 | 4 | 4 | 4 | 4 | 4 | 4 | 4 | 4 | 4 |
| 5 | 5 | 5 | 5 | 5 | 5 | 5 | 5 | 5 | 5 | 5 | 5 |
| 6 | 6 | 6 | 6 | 6 | 6 | 6 | 6 | 6 | 6 | 6 | 6 |
| 7 | 7 | 7 | 7 | 7 | 7 | 7 | 7 | 7 | 7 | 7 | 7 |
| 8 | 8 | 8 | 8 | 8 | 8 | 8 | 8 | 8 | 8 | 8 | 8 |
| 9 | 9 | 9 | 9 | 9 | 9 | 9 | 9 | 9 | 9 | 9 | 9 |
| 10 | 10 | 10 | 10 | 10 | 10 | 10 | 10 | 10 | 10 | 10 | 10 |
| 11 | 11 | 11 | 11 | 11 | 11 | 11 | 11 | 11 | 11 | 11 | 11 |
| 12 | 12 | 12 | 12 | 12 | 12 | 12 | 12 | 12 | 12 | 12 | 12 |
| 13 | 13 | 13 | 13 | 13 | 13 | 13 | 13 | 13 | 13 | 13 | 13 |
| 14 | 14 | 14 | 14 | 14 | 14 | 14 | 14 | 14 | 14 | 14 | 14 |
| 15 | 15 | 15 | 15 | 15 | 15 | 15 | 15 | 15 | 15 | 15 | 15 |
| 16 | 16 | 16 | 16 | 16 | 16 | 16 | 16 | 16 | 16 | 16 | 16 |
| 17 | 17 | 17 | 17 | 17 | 17 | 17 | 17 | 17 | 17 | 17 | 17 |
| 18 | 18 | 18 | 18 | 18 | 18 | 18 | 18 | 18 | 18 | 18 | 18 |
| 19 | 19 | 19 | 19 | 19 | 19 | 19 | 19 | 19 | 19 | 19 | 19 |
| 20 | 20 | 20 | 20 | 20 | 20 | 20 | 20 | 20 | 20 | 20 | 20 |
| 21 | 21 | 21 | 21 | 21 | 21 | 21 | 21 | 21 | 21 | 21 | 21 |
| 22 | 22 | 22 | 22 | 22 | 22 | 22 | 22 | 22 | 22 | 22 | 22 |
| 23 | 23 | 23 | 23 | 23 | 23 | 23 | 23 | 23 | 23 | 23 | 23 |
| 24 | 24 | 24 | 24 | 24 | 24 | 24 | 24 | 24 | 24 | 24 | 24 |
| 25 | 25 | 25 | 25 | 25 | 25 | 25 | 25 | 25 | 25 | 25 | 25 |
| 26 | 26 | 26 | 26 | 26 | 26 | 26 | 26 | 26 | 26 | 26 | 26 |
| 27 | 27 | 27 | 27 | 27 | 27 | 27 | 27 | 27 | 27 | 27 | 27 |
| 28 | 28 | 28 | 28 | 28 | 28 | 28 | 28 | 28 | 28 | 28 | 28 |
| 29 | (29) | 29 | 29 | 29 | 29 | 29 | 29 | 29 | 29 | 29 | 29 |
| 30 | | 30 | 30 | 30 | 30 | 30 | 30 | 30 | 30 | 30 | 30 |
| 31 | | 31 | | 31 | | 31 | 31 | | 31 | | 31 |

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2016, 2022 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Version: 1/23. Fandikana ny *Study Journal*.
Malagasy. PD60001304 654. Natonta tany Etazonia